



Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

FOTOAM-BAVAKA FPMA
VEILLEE DE PRIERE FPMA

NY FIANGONAN'NY KORINTO
L'EGLISE DE CORINTHE

Alatsinainy 8 jiona 2020
Lundi 8 juin 2020

I KRISTY ... VOAHOMBO TAMIN'NY HAZO-FIJALIANA HAMONJY ANAREO (1 Kor. 1, 13)
– CHRIST ... A ETE CRUCIFIE POUR VOUS (1 Cor. 1, 13)

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Tenin'Andriamanitra – Parole de Dieu : 1 Kor. (1 Cor.) 1, 1-3 :

1 Paoly, voa-antso ho Apostolin'i Jesosy Kristy noho ny sitrapon'Andriamanitra, ary Sostena rahalahy, 2 mamangy ny fiangonan'Andriamanitra any Korinto, dia izay nohamasinina ao amin'i Kristy Jesosy, olona voa-antso sady masina, mbamin'izay rehetra miantso ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika eny amin'ny tany rehetra , dia azy sy antsika : 3 ho aminareo anie ny Fahasoavana sy ny Fidanana avy amin'Andriamanitra Raintsika sy i Jesosy Kristy Tompo.

1 De la part de Paul, appelé à être un apôtre de Jésus-Christ par la volonté de Dieu, et du frère Sosthène 2 à l'Eglise de Dieu qui est à Corinthe, à ceux qui ont été conduits à la sainteté par Jésus-Christ, appelés à être saints, et à tous ceux qui, partout, font appel au Nom de notre Seigneur Jésus-Christ, leur Seigneur et le nôtre : 3 que la Grâce et la Paix vous soient données de la part de Dieu notre Père et du Seigneur Jésus-Christ !

Teny fampidirana – Introduction

Hira (Chant) chorale AMF

FIZARANA 1 – PARTIE 1

Teksta 1 – Texte 1 : 1 Kor. (1 Cor.) 1, 4-9 :

4 Misaotra an'Andriamanitra mandrakariva ny aminareo aho noho ny Fahasoavan'Andriamanitra izay nomena anareo ao amin'i Kristy Jesosy, 5 dia ny nampananana harena anareo ao Aminy amin'ny zavatra rehetra, na ny teny rehetra, na ny fahalalana rehetra, 6 araka ny niorenan'ny filazana an'i Kristy teo aminareo, 7 ka dia tsy latsaka amin'ny Fanomezam-pahasoavana rehetra ianareo, miandry ny fisehoan'i Jesosy Kristy Tompontsika, 8 izay hampiorina anareo koa hatramin'ny farany, ka dia tsy hanan-tsiny ianareo amin'ny andron'i Jesosy Kristy Tompontsika. 9 Mahatoky Andriamanitra, izay nahatonga ny fiantsoana anareo hanananareo firaisana amin'ny Zanany, dia i Jesosy Kristy Tompontsika.

4 Je dis constamment à mon Dieu toute ma reconnaissance à votre sujet pour la Grâce de Dieu qui vous a été accordée en Jésus-Christ. 5 En effet, en lui vous avez été comblés de toutes les richesses, en particulier en ce qui concerne la parole et la connaissance, 6 dans la mesure où le témoignage de Christ a été solidement établi parmi vous. 7 Ainsi, il ne vous manque aucun don, à vous qui attendez le moment où notre Seigneur Jésus-Christ apparaîtra. 8 C'est lui aussi qui vous affermira jusqu'à la fin pour que vous soyez irréprochables le jour de notre Seigneur Jésus-Christ. 9 Dieu est fidèle, lui qui vous a appelés à vivre en communion avec son Fils, Jésus-Christ notre Seigneur.

Toriteny 1 : – Prédication 1 : Ny Fahasoavan'Andriamanitra izay nomena anareo dia ny hanananareo firaisana amin'i Jesosy Kristy, Zanak'Andriamanitra – La Grâce de Dieu qui vous a été accordée vous appelle à vivre en communion avec Jésus-Christ, le Fils de Dieu

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny ankohonana sy ny fianakaviana mba - *pour le foyer et la famille pour que :*
 - hahatsapa ny maha-zava-dehibe fototra ny firaisany amin'i Jesosy Kristy ny tsirairay ao amin'ny ankohonantsika – *chaque membre de notre foyer prend conscience de l'importance primordiale de la communion avec Jésus-Christ*
 - haniry hiaina izany firaisana amin'i Jesosy Kristy izany ka hangataka izany amin'Andriamanitra ny ankohonantsika – *chacun désire, dans son cœur, cette communion avec Jésus et la demande à Dieu*
- ho an'ireo izay namoy havan-tiana (tsaroantsika manokana amin'izany ny fianakavian'i pasteur Zozo Randriamanantsoa any Madagasikara sy i pasteur Toky RAKOTO sy ireo iray tam-po aminy mianakavy ary ny fianakaviana manontolo izay vao namoy ny renin'izy ireo) mba – *pour ceux qui ont perdu un être cher (nous portons spécialement en prière la famille du pasteur Zozo Randriamanantsoa à Madagascar ainsi que la famille du pasteur Toky RAKOTO et ses collatéraux et leur famille toute entière qui viennent de perdre leur mère) pour que :*
 - hahatsapany fa miara-dalana aminy amin'izany fahoriany izany i Jesosy Kristy Tompo – *ils sentent la présence de Jésus-Christ qui les accompagne dans ces moments douloureux*
 - hahazoany miaina ny alahelony amin'ny firaisana amin'i Jesosy Kristy – *ils puissent vivre leur douleur dans la communion avec Jésus-Christ*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 513, 1-2 : Jeso sakaizanay :

1. Jeso sakaizanay, Jeso anay
Sady tsy mahafofy, Jeso anay.
Raha ny olona mety mandao anay,
I Jeso no tsy mandao, Jeso anay.
2. Jeso Sakaizanay, Jeso anay
Izy no Avotray, Jeso anay.
Maty ny Tomponay noho ny helokay
Afaka izahay, Jeso anay.

FIZARANA 2 – PARTIE 2

Teksta 2 – Texte 2 : 1 Kor. (1 Cor.) 1, 10-16 :

10 Ary mananatra anareo aho, ry rahalahy, amin'ny Anaran'i Jesosy Kristy Tompontosika, mba hiray teny ianareo rehetra, ka tsy hisy fisarahana eo aminareo, fa mba ho tafakambana tsara ianareo hiray saina sy hevitra. 11 Fa efa voalazan'ny avy amin'ny ankohonan'i Kloa tamiko ny amin'ny toetrareo, ry rahalahiko, fa misy fifampiangandiana eo aminareo. 12 Izaona anefa no anaovako izany : ianareo samy manao hoe : izaho an'i Paoly, na izaho an'i Apolosy, na izaho an'i Kefasy, na izaho an'i Kristy. 13 Voazarazara va i Kristy ? I Paoly va no voahombo tamin'ny Hazo-Fijaliana hamonjy anareo, sa ho amin'ny anaran'i Paoly no nanaovam-batisa anareo ? 14 Misaotra an'Andriamanitra aho fa tsy nisy nataoko batisa ianareo afa-tsy Krispo sy Gaio, 15 fandrao misy milaza fa efa natao batisa ho amin'ny anarako ianareo. 16 Nefa mba efa nanao batisa ny ankohonan'i Stefanasy koa aho ; hafa tsy ireo dia tsy hitako izay nataoko batisa.

10 Je vous supplie, frères et sœurs, par le nom de notre Seigneur Jésus-Christ, de tenir tous le même langage. Qu'il n'y ait pas de divisions parmi vous, mais soyez parfaitement unis dans le même état d'esprit et dans la même pensée. 11 En effet, mes frères et sœurs, j'ai appris à votre sujet, par l'entourage de Chloé, qu'il y a des rivalités entre vous. 12 Je veux dire par là que chacun de vous affirme : « Moi, je me rattache à Paul », « et moi, à Apollos », « et moi, à Céphas », « et moi, à Christ » ! 13 Christ est-il divisé ? Paul a-t-il été crucifié pour vous ou est-ce au nom de Paul que vous avez été baptisés ? 14 Je remercie [Dieu] de ce que je n'ai baptisé aucun de vous, excepté Crispus et Gaïus. 15 Ainsi, personne ne peut dire que j'ai baptisé en mon nom. 16 J'ai encore baptisé la famille de Stéphanas. Pour le reste, que je sache, je n'ai baptisé personne d'autre.

Toriteny 2 : – Prédication 2 : Tsy ankasitran'ny Tompo ny fifampiangandiana misy eo aminareo fa miorena sy miraisa eo amin'ny Hazo-Fijalian'i Jesosy Kristy – Le Seigneur n'apprécie guère la rivalité entre vous, alors soyez fondés et unis en la Croix de Jésus-Christ

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Fiangonana mba - pour l'Eglise pour que :

- ho iray fiorenana eo amin'i Jesosy Kristy Mpamonjy ny Fiangonana ka tsy hanakalo ny Famonjena amin'ny fikatsaham-boninahitra – *l'Eglise ait un seul socle qu'est Jésus-Christ le Sauveur pour qu'elle n'échange point le Salut avec la recherche de la gloire humaine*
- hankasitraka ny Fahasoavan'Andriamanitra ny mino ka tsy hamita-tena hihevitra fa ny fikendreny na ny fahendreny no nahatonga azy nanatona ny Tompo – *les chrétiens apprécient la Grâce de Dieu et qu'ils ne se trompent pas eux-mêmes en pensant que ce sont leur sainteté et leur sagesse qui les ont conduit vers le Seigneur*
- ho an'ireo mpitsabo mba – *pour les soignants pour que :*
 - hifikirany amin'ny Fahasoavan'Andriamanitra izay mitari-dalana azy hitondra fitahiana ho an'ny olona – *ils s'accrochent à la Grâce de Dieu qui les précède pour apporter les bienfaits de Dieu auprès des gens*
 - hankamamiany ny firaisana amin'ny Tompo ka hitsaboany ny olona araka ny Sitrapon'Andriamanitra – *ils prennent goût à la communion avec le Seigneur et qu'ils soignent les gens selon la Volonté de Dieu*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 268, 1-2 : I Jesosy no Mpiandry ny Fiangonanay :

1. I Jesosy no Mpiandry ny Fiangonanay :
Ny feon'lzy irery no feo fantatray.
Ka tsy mba vala maro ny Fiangonanay :
Iray tsy hay zaraina, tapahin-Tompo iray.
2. Iray no Vatolampy izay iorenanay,
Iray no Fehizoro izay ikambananay,
Iray no Mofon'aina fihinanay ety,
Iray no antenaina ho azonay ary.

FIZARANA 3 – PARTIE 3

Teksta 3 – Texte 3 : 1 Kor. (1 Cor.) 1, 17-25 :

17 Fa i Kristy tsy naniraka ahy hanao batisa, fa hitory ny filazantsara, tsy tamin'ny teny fahendrena, fandrao ho foana ny Hazo-Fijalian'i Kristy. 18 Fa ny Teny ny amin'ny Hazo-Fijaliana dia fahadalana amin'izay ho very, fa Herin'Andriamanitra kosa amintsika izay hovanjena. 19 Fa voasoratra hoe : Hofoanako ny fahendren'ny hendry, ary holaviko ny fahalalan'ny mahalala (Isaia 29, 14).

20 Aiza ny hendry ? Aiza ny mpanora-dalàna ? Aiza ny mpiady hevitra avy amin'izao tontolo izao ? Tsy nampodin'Andriamanitra ho fahadalana va ny fahendren'izao tontolo izao ? 21 Fa satria, na dia naseho aza ny fahendren'Andriamanitra, ny fahendrena dia tsy hahatonga izao tontolo izao mahalala an'Andriamanitra, ka dia ny fahadalan'ny fitorian-teny no sitrak'Andriamanitra hamonjeny izay mino. 22 Fa ny Jiosy mila famantarana, ary ny jentilisa mitady fahendrena, 23 fa izahay kosa mitory an'i Kristy voahombo tamin'ny Hazo-Fijaliana, dia fahatafintohinana amin'ny Jiosy ary fahadalana

amin'ny jentilisa, 24 fa amin'izay voa-antso kosa, na Jiosy na jentilisa, dia Kristy, izay Herin'Andriamanitra sy Fahendren'Andriamanitra. 25 Fa ny fahadalan'Andriamanitra dia hendry noho ny olona, ary ny fahalemen'Andriamanitra mahery noho ny olona. **17** *De fait, ce n'est pas pour baptiser que Christ m'a envoyé, c'est pour annoncer l'Évangile, et cela sans recourir à la sagesse du langage, afin que la croix de Christ ne soit pas vidée de sa force.* **18** *En effet, le message de la croix est une folie pour ceux qui périssent, mais pour nous qui sommes sauvés, il est la Puissance de Dieu.* **19** *Du reste, il est écrit : Je ferai disparaître la sagesse des sages et j'anéantirai l'intelligence des intelligents.* **20** *Où est le sage ? Où est le spécialiste de la loi ? Où est le discoureur de l'ère actuelle ? Dieu n'a-t-il pas convaincu de folie la sagesse de ce monde ?* **21** *Puisque à travers cette sagesse le monde n'a pas connu Dieu en voyant sa sagesse, il a plu à Dieu de sauver les croyants à travers la folie de la prédication.* **22** *Les Juifs demandent un signe miraculeux et les Grecs recherchent la sagesse.* **23** *Or nous, nous prêchons un Messie crucifié, scandale pour les Juifs et folie pour les non-Juifs,* **24** *mais puissance de Dieu et sagesse de Dieu pour ceux qui sont appelés, qu'ils soient juifs ou non.* **25** *En effet, la folie de Dieu est plus sage que les hommes et la faiblesse de Dieu est plus forte que les hommes.*

Toriteny 3 : – Prédication 3 : Ny mitory ny Filazantsaran'ny Famonjena teo amin'ny Hazo-Fijaliana no anjaran'ny Fiangonana – Le rôle de l'Eglise est la prédication de l'Évangile du Salut opéré à la Croix

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho an'ny Mpitandrina mba – *pour les Pasteurs pour que :*
 - hampaherezin'Andriamanitra izy ka haharitra sy hahery amin'ny fiantsoana masina izay noraisiny – *Dieu les reconforte pour qu'ils soient persévérants dans l'accomplissement du saint appel qu'ils ont reçu*
 - hiasa amin'ny fihaliana sy fiadanam-po izy ka hazoto amin'ny fizaràna ny Tenin'Andriamanitra na amin'ny fotoana na tsy amin'ny fotoana – *ils travaillent dans la joie et la paix pour partager la Parole de Dieu en tous temps*
- ho an'ny mpitondra antsika mba – *pour les dirigeants pour que :*
 - hitodi-doha ho eo amin'Andriamanitra izy ireo ka hanaiky ny hananan'ny Sitrapon'Andriamanitra akony eo amin'ny fitondrany ny vahoaka – *ils se tournent vers Dieu et qu'ils acceptent que la Volonté de Dieu influe sur la manière dont il administre le peuple*
 - hanomezany lanja ny Sitrapon'Andriamanitra mba hipetrahantsika miadana amin'ny toerana izay nametrahan'ny Tompo antsika – *ils accordent de l'importance à la Volonté de Dieu pour qu'ils nous permettent de vivre dans la sérénité là où le Seigneur nous a mis*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) 499, 1 sy 3 : Inona re no hatakaloko ? :

1. Inona, re, no atakaloko an'i Jesosy izay mpisoloko :
Ny zavatra izay ho simba va sy mora levona ?

Raha mbola hazoniko ny To ka tsy maty ny jiro ao am-po,
I Jesosy tsy soloako na inona nainona.

3. O, ry Jesosy Tompo tsara ô, aza mamela ny fanahiko
Hisaraka aminao fa tano aho ho mpanomponao.
Mba velomy ny fitiavako ka tohano ny fandehanako,
Mba hanarahako ny lalana izay nalehanao.

FIZARANA 4 – PARTIE 4

Teksta 4 – Texte 4 : 1 Kor. (1 Cor.) 1, 26-31 :

26 Fa hevero ny fiantsoana anareo, ry rahalahy, fa tsy firy no olon-kendry araka ny nofo, tsy firy no olona mahery, tsy firy no avo razana. 27 Fa ny adala amin'izao tontolo izao no nofidin'Andriamanitra hampahamenatra ny hendry, ary ny malemy amin'izao tontolo izao no nofidin'Andriamanitra hampahamenatra ny mahery, 28 ary ny iva razana amin'izao tontolo izao sy izay fanevateva no nofidin'Andriamanitra, dia ny atao ho tsy misy aza, mba hahafaona ny misy, 29 mba tsy hisy nofo hahazo mirehareha eo anatrehan'Andriamanitra. 30 Fa avy Aminy no nanaovana anareo ho ao amin'i Kristy Jesosy, izay nataon'Andriamanitra fahendrena sy fahamarinana sy fahamasinana ary fanavotana ho antsika, 31 mba ho araka ny voasoratra hoe : izay mirehareha, aoka Ny TOMPO no ho reharehany (Jer. 9, 23).

26 Considérez, frères et soeurs, votre propre appel : il n'y a parmi vous ni beaucoup de sages selon les critères humains, ni beaucoup de puissants, ni beaucoup de nobles. 27 Mais Dieu a choisi les choses folles du monde pour couvrir de honte les sages, et Dieu a choisi les choses faibles du monde pour couvrir de honte les fortes. 28 Dieu a choisi les choses basses et méprisées du monde, celles qui ne sont rien, pour réduire à néant celles qui sont, 29 afin que personne ne puisse faire le fier devant Dieu. 30 C'est grâce à lui que vous êtes en Jésus-Christ, lui qui est devenu, par la volonté de Dieu, notre sagesse, notre justice, la source de notre sainteté et notre libérateur, 31 afin, comme il est écrit, que celui qui veut éprouver de la fierté mette sa fierté dans le Seigneur.

Toriteny 4 : – Prédication 4 : Hevero ny fiantsoana nifidianan'Andriamanitra anareo – Considérez l'appel par lequel Dieu vous a établi

Vavaka any amin'izay misy antsika – Prière là où chacun se trouve :

- ho antsika manokana mba – *pour nous-mêmes pour que :*
 - hanomezan'ny Tompo antsika faniriana sy fotoana hifampidiniana Aminy – *le Seigneur nous donne le désir et le temps de discuter avec Lui*
 - hanaikentsika ny hampifanaraka ny fanirantsika amin'ny Sitrapon'ny Tompo ka mba ho tanteraka amintsika ny tonon-kirantsika hoe « aoka ny foko sy ny fonao hiray safidy mandrakizay » - nous acceptons d'accorder nos souhaits à la Volonté de Dieu selon les paroles d'un de nos cantiques où nous faisons la prière que notre cœur et celui de Dieu fassent le même choix pour toujours.

- vavaka malalaka amin'izay mbola tiantsika hangatahina amin'Andriamanitra – *prière libre de ce que nous voulons encore demander à Dieu*

Vavaka tarihin'i (Prière dirigée par) Pasteur Donald GIZY

Hira (Cantique) : 409 (feony zafindraony), 1 sy 3 : Ry zaza mpiodina, mba miverena : antsoin'ny Ray :

1. "Ry zaza mpiodina, mba miverena" : antsoin'ny Ray.
Isika hamaly am-po tsy terena : "Indreto izahay"
Miaiky fa ratsy, maratran'ny rafy : sitrano izahay".
:: "Sitrano izahay fa simba ny toetranay" ::.
3. "Sitraniko ny fihemoranareo, ry zanako ô" !
"Tsy ampanjomboniko aminareo ny Tavako koa".
Izany irinay ho re ao am-ponay, fa Ray lanao
:: Fa Ray lanao : mampionona ny olonao ::.

FANDRAVONANA – CONCLUSION

Teksta – Texte : Efes. (Ephés.) 2, 13-18 :

13 fa ankehitriny kosa, ao amin'i Kristy Jesosy, ianareo izay lavitra fahiny dia efa nampanakeken'ny Ran'i Kristy. 14 Fa Izy no fihavanantsika, izay naha-iray antsika roa tonta ka nandrava ny efitry ny fisarahana. 15 Fa tao amin'ny Nofony no nandravany ny fandrafiana, dia ny lalàna misy didy natao hotandremana, mba hanakambanany antsika roa tonta ao amin'ny Tenany ho olom-baovao iray, ka hanaovany fihavanana, 16 ary hampihavana antsika roa tonta ho tena iray amin'Andriamanitra noho ny Hazo-Fijaliana, izay namonoany ny fandrafiana. 17 Ary tonga Izy ka nitory Teny soa mahafaly milaza fihavanana [fiadanana] taminareo izay lavitra ary fihavanana [fiadanana] tamin'izay akaiky koa. 18 Fa Izy no ananantsika roa tonta fanatonana amin'ny Fanahy iray ho any amin'ny Ray. Amen !

13 Mais, maintenant, en Jésus-Christ, vous qui autrefois étiez loin, vous êtes devenus proches par le Sang de Christ. 14 En effet, Il est notre Paix, Lui qui des deux groupes n'en a fait qu'un et qui a renversé le mur qui les séparait : la haine. 15 Par sa mort, Il a rendu sans effet la loi avec ses commandements et leurs règles, afin de créer en Lui-même un seul homme nouveau à partir des deux, établissant ainsi la Paix. 16 Il a voulu les réconcilier l'un et l'autre avec Dieu en les réunissant dans un seul corps au moyen de la Croix, en détruisant par elle la haine. 17 Il est venu annoncer la Paix à vous qui étiez loin et à ceux qui étaient près. 18 A travers Lui, en effet, nous avons les uns et les autres accès auprès du Père par le même Esprit. Amen !

Vavaka nampianarin'ny Tompo – Notre Père :

Rainay ô izay any an-danitra,
Hohamasinina anie ny Anaranao,
Ho tonga anie ny Fanjakanao,
Hatao anie ny Sitraponao ety an-tany tahaka ny any an-danitra.
Omeo anay anio izay hanina sahaza ho anay.

Ary mamelà ny helokay tahaka ny namelanay izay meloka taminay.
Dia aza mitondra anay ho amin'ny fakam-panahy fa manafaha anay amin'ny ratsy.
Fa Anao ny Fanjakana sy ny Hery ary ny Voninahitra mandrakizay. Amen !

Notre Père qui es aux cieux,

Que ton Nom soit sanctifié,

Que ton Règne vienne,

Que ta Volonté soit faite sur la terre comme au ciel.

Donne-nous aujourd'hui notre pain de ce jour.

Pardonne-nous nos offenses comme nous pardonnons aussi à ceux qui nous ont offensés.

Et ne nous soumetts pas à la tentation mais délivre-nous de mal.

Car c'est à Toi qu'appartiennent le Règne, la Puissance et la Gloire, pour les siècles des siècles. Amen !

Hira (Chant) chorale AMF

Tso-drano – Bénédiction

Fanirahana - Envoi

Amin'ny Anaran'Andriamanitra Ray sy Zanaka ary Fanahy Masina – Au Nom du Dieu le Père, le Fils et le Saint-Esprit. Amen !